


LIANA
Learning Initiative Aiming at Nonviolent Actions




# HIJORO AHO
# HITAKY NY RARINY!





## NY TOLON'OLONTSOTRA
## TSY MISY HERISETRA

Liberty 32

WAKE UP Madagascar
Mitsangàna Madagasikara

VEHIVAVY SY TANORA MIASA
WYLD
HO AN'NY DEMOKRASIA

ICNC
International Center on
Nonviolent Conflict

Tetikasa LIANA – Learning Initiative Aiming at Nonviolent Actions

**Novokarin'ny** Wake Up Madagascar, Liberty 32 sy ny Tetikasa WYLD – Vehivavy sy Tanora Miasa ho an'ny Demokrasia.

**Nandrindra:** Ketakandriana Rafitoson - LIN Fellow 2016

**Nandika teny:** Ketakandriana Rafitoson, Hasimahery Sandaniaina, Harivola Reine Ramananjanahary, Mialisoa Randriamampianina

**Famolavolana:** Genius of Designers

**Tohanan'ny** International Center for Nonviolent Conflict (ICNC)

Antananarivo, Novambra 2016

**Nangalana hevitra:**

Civil Resistance: A first Look, ICNC, 2000

Only Young Once, An Introduction to Nonviolent Struggle For Youths, Nonviolent Transformation of Conflicts – Africa, Christopher Miller, Mary E. King (Ed.), University for Peace, Ethiopia, 2006

Sharp, Gene. The Politics of Nonviolent Action (3 vols., Power and Struggle [I], The Methods of Nonviolent Action [II], The Dynamics of Nonviolent Action [III]). Boston: Porter Sargent, 1973.

## TENY FAMPIDIRANA

Tari-dresaka sy totolalana ho an'ireo liana amin'ny fampisiana ny tolon'olon-tsotra tsy mampiasa herisetra eto Madagasikara no votoatin'ity bokikely ity. Ka manasa anao hamaky, hanaparitaka sy hampiasa azy izahay. Isaorana ny International Center on Nonviolent Conflict (ICNC) izay nanampy sy namatsy vola izao tetikasa izao. Isaorana ireo rehetra nanampy tamin'ny fanatontosana ity bokikely ity sy ny horonantsary novokarina miaraka aminy. Ezaky ny olompirenena tsotra ho an'ny mpiray tanindrazana aminy ity. Satria mendrika ny tsara i Madagasikara! Miandany tanteraka amin'ny tsy fampiasana herisetra izahay, ary raha misy ny herisetra dia tsy ho avy aminay!

## FAMARITANA

**Inona no atao hoe tolon'ny olontsotra?** Fomba iray entin'ny olontsotra hitakiana ny zony, ny fahafahany sy ny rariny ao anatin'ny fahalemana tsy misy herisetra.

**Iza marina moa no tompon'ny fahefana?** Ny mpomba ny tolon'ny olontsotradia mino fa ny besinimaro no tompon'ny fahefana sy mapaka hevitra momba ny fiainana sy fomba fiasan'ireo olom-boafidy na voatendry, sns.

**Ireo sokajin-ketsika roa lehibe azon'ny mpitolona ampiasaina:** ny voalohany dia ny fandàvana hanao izay andrasan'ny mpitondra (grevy na fitokonana tsy hiasa, ny fandàvana tsy handoa hetra, ary ny fandàvana tsy hanjifa na "boycott"). Ny faharoa dia ny fanaovana izay tsy andrasana aminao na voarara (fidinana an-dalambe, raha voarara izany).

**Ny maha-zava-dehibe ny fiombonana, ny fanomanana ary ny fitazomana ny tsy fanaovana herisetra.** Ny fiombonana dia mampiray lafi-piarahamonina sy fitakiana maro mety mifanojo anaty tolona iombonana. Ny fiomanana dia miainga amin'ny safidy sy ny fandaharana ireo paikady hampiharina mandritra ny tolona. Farany dia mifanaiky ny mpiara-mitolona fa tsy hampiasa herisetra satria mampihena ny fandraisan'anjaran'ny daholobe sy ny lanjan'ny tolona izany.

## FANONTANIANA 10 MANITIKITIKA MIKASIKA NY TOLON'OLONTSOTRA TSY MAMPIASA HERISETRA

### 1. Ahoana moa no handresen'ny olontsotra ny manam-pahefana mpanjakazaka?

Tsy misy mpitondra nateraka hahefa. Mahefa sy manam-pahefana izy ireo satria satria mankatò  sy manaraka izay lazainy ny vahoaka, ny pôlisy, ny miaramila, ny mpitsara, ny mpiasam-panjakana, sns. Mbola mijoro amin'ny fahefany izy rehefa mbola manaiky ny hankàto azy, mandeha miasa, mandoa hetra, mamatsy ny kitapom-bolam-panjakana, sns., ny olon-tsotra. Ny asa rehetra dia mifampiankina daholo ary izany rindran-damina izany no mampitazona ny fitondrana iray. Ny fiantsoana ny fandraisan'anjaran'ny daholobe, hilazana amin'ny mpitondra hoe "Ampy izay. Tsy rariny intsony. Mitaky ny rariny izahay ka ovay ny fomba fanao." no vahaolana.

## 2. Ahoana ny fanombohan'ny tolon'ny olontsotra ?

Betsaka ireo tolon'olon-tsotra tsy mampiasa herisetra no manomboka amin'ny fampahafantarana momba ny zo hihetsika sy ny fomba hanatanterahany izany. Mialohan'ny nanombohany ny tolona lehibe voalohany nataony tany Inde ohatra, dia dia nandany taona maromaro I Gandhi nitety ny fireneny, niresaka tamin'ny olon-tsotra ary nihaino ny fitarainan'izy ireo. Nanangana fifandraisam-pitokisana tamin'izy ireo izany, ary nankahery ireo olona ireo hihetsika fa tsy himenomenona fotsiny ihany. Rehefa vita izay vao miroso amin'ny hetsika voalohany ny mpitolona, izay tokony hifandraika amin'olana ifotony anaty faritra iray, mba hahatsapan'ny besinimaro fa tena mahakasika azy sy ny fiainany ny tolona hatao.

## 3. Ahoana no atao rehefa hikarakara fihetsiketsehana ?

Fantarina aloha ny tanjona tiany hiaviana, ny hery sy ny fahalemen'ny vondrona ary koa ny hery sy fahalemen'ny etsy andaniny. Fantarina koa ireo olona na vondrona hafa afaka hanampy azy raha sendra fahasarotana; apetraka ny vina akaiky, salasalany sy lavitr'ezaka mba hazahoana paikady matipaika. Rehefa vita ireo, dia safidiana ny hetsika hatao.

## 4. Inona moa no azo atao ankoatra ny fihetsiketsehana ?

Endrika iray amin'ny paikady 198 samihafa ny fidinana an-dalambe mba hanehoana hevitra sy hitakiana ny rariny. Miankina amin'ny tanjon'ny tolona sy ny hoenti-manana, ny fahaizana ary ny fahavononan'ny mpitolona, ny hetsika sy paikady hampiarina. Raha somary marefo ny vondrona dia hetsika tsy mampidi-doza loatra toy ny "boycott" sy fampiratiana na izay hetsika tsy misy fiantsiana no safidiana. Rehefa miha-matanjaka ny vondrona dia afaka manova paikady sy mikarakara fidinana an-dalambe na fitokonana faobe.

## 5. Inona no mitranga raha tsy manana mpitari-tolona misongadina ny vondrona?

Betsaka ireo tolon'olontsotra nahomby na tsy nisy mpitari-tolona nisongadina aza. Toy izany ny hetsika niadivana tamin'ny fanavakavaham-bolonkoditra tany Afrika atsimo izay vao maika niroborobo rehefa voagadra ilay noheverina fa loha nitarika azy. Zava-dehibe kokoa noho ny fisehosehoana sy ny kabary ny fahaizan'ireo mpikarakara mihaino ny hetahetan'ny mpanaraka azy sy mitatitra izany. Tokony hahay mandanjalanja tsara ny hatao sy ny ho voka-dratsin'ny

hetsika, ary koa ny fahaizany mampandray anjara ireo maniry hanohana ny tolona.  Mety hampandamoaka ny tolona ny fiankinana be amina mpitari-tolona vitsivitsy. Mety harefo mantsy ny tolona raha voafonja ireo mpitari-tolona na koa voavidim-bola.

## 6. Mety hahomby eto Madagasikara ve izany tolon'olontsotra tsy misy herisetra izany ?

Tsy voatery hahomby ny tolon'olontsotra tsy mitam-piadiana saingy nahitam-bokany izany tany amina firenena izay noheverina fa "tsy ho avotra intsony". Ohatra ny tany Serbie tamin'y 2 000, teo amin'ny fitondran'i Slobodan Milosevic. Tsy nanaiky ny hanantanteraka ny baikony hamono ireo vahoaka nitaky ny fialàny ny miaramilany, hany ka tsy maintsy nilefitra i Milosevic.


Raha toa ka mbola tsy resy lahatra amin'ny mety hahombiazan'ny tolon'olontsotra tsy misy herisetra ianao dia andramo valiana ireto fanontaniana ireto. Voaova avy ao anatiny ve ny rafitra politika maloto? Hahomby ve ny fikarakarana fifidianana? Hahomby ve ny fifandraharahana miaraka amin'ny andaniny? Hahomby ve ny fiantsoana ny firenena hafa hanohana ny tolona? Hahomby ve ny tolona mitam-piadiana? Raha tsia, tsy aleo ve mihetsika am-pilaminana mba hahazahoana vokatra tsy mampikorontana?

## 7. Inona no ataoko raha mampiasa herisetra ny mpifanandrina amiko?

Mila mivonona fa tsy maintsy hampiasa herisetra ny andaniny rehefa tsy zakany intsony ny fiantsiana na fanozongozonana ny fahefany. Tsy midika faharesana na fileferana anefa izany fampiasana herisetra izany. Mila mahay mampiasa ny fampijaliana mianjady aminy ny mpitolona mba hampitapody fohy ny vokadratsin'izany any amin'ny mpifanandrina aminy, na koa hampihenana ny vokatr'izany famaizana arahana herisetra izany. Voalohany dia afaka mampiasa paikady sarotra faizina amin'ny herisetra ny mpitolona (fandavana ny fanjifana karazam-bokatra iray, satria tsy voararan'ny lalàna izany, ary tsy ho vitan'ny fanjakana ny hamantatra izay nividy na tsia ilay vokatra, ka sarotra ny hanasazy azy). Raha voasazy amin-kerisetra ny fidinana an-dalambe sy ny fihetsiketsehana dia tsara kokoa ny misafidy paikady "malefaka" toy ny tsy fanekena handoa hetra. Afaka mampiasa ny haino aman-jery ny mpitolona mba hampisehoana ny herisetra ataon'ny mpifanandrina aminy. Izany no mety hampitapody fohy ny teti-dratsin'ny andaniny ary hanameloka azy ny tontolo iraisam-pirenena.

## 8. Ary raha tsy mety resena lahatra ny mpifanandrina amiko ?

Tsy voatery ho resenao lahatra akory ny mpifanandrina aminao vao handresy ianao, fa kosa mety hilaina ny mandresy lahatra ireo mpiandany aminy. Ny tanjon'ny tolon'olontsotra tsy mitam-piadiana dia ny hanova tsikelikely ny toe-tsain'ny daholobe, izay manohana tsy sazoka ny mpitondra amin'ny fankatoavana. Rehefa mihalefy ny fahefan'ny andaniny dia tsy midika firy ny fahareseny lahatra, satria efa ny besinimaro no niara-nanapaka ny fiovana. Rehefa mahatsapa izy fa tavela irery, tsy misy na vitsy mpanohana, dia tsy maintsy hifampiraharaha mba hahitana vahaolana ikambanana tsy haha-fatiantoka azy loatra.



NY TOKOTELON'NY TOLONA MAHOMBY

## 9. Toa ho ela loatra izy izany!

Tsy voatery hiandry elabe vao mamokatra ny tolon'olontsotra tsy misy herisetra. Na dia nila 10 taona latsaka aza ny hetsika Solidarnosc tany Polona mialohan'ny nandrombahany ny fahefana, dia taona vitsy kosa dia nahomby ny paikady nanesorana an'i Ferdinand Marcos tany Filipina. Tsy ny fotoana mandalo no singa mampahomby na tsia ny tolona iray, fa ny safidin'ireo paikady sy tetika iombonana ampiasaina.

## 10. Ahoana no atao raha te-handresy ?

Mitombo ny vintana hahombiazan'ny tolona raha mikolokolo ny fiombonana sy ny fiomanana ary ny fitazomana ny tsy fampiasana herisetra ny mpitolona. Tsy azo atao an-tery ny fandraisana anjara amina tolona iray, tsy maintsy an-tsitrapo. Mandray anjara ny olona ary miha-sahy mihetsika rehefa mino izy fa hitondra soa ho azy ny tolona iray. Raha toa ka mitsipotsipotika ny tolona na tsy mazava ny tanjona dia tsy hanaraka ny ankamaroan'ny vahoaka. Mahomby ny tolon'olontsotra rehefa mazoto mandray anjara amin'izany na lehilahy, na vehivavy, na tanora na antitra, na inona na inona finoany, na inona na inona anton'asany.

Tsy maintsy homanina ny hetsika satria ny tolon'olontsotra dia tsy maintsy misy fifanandrinana. Raha ratsy fanomanana dia hiparitaka ny herin'ireo mpiara-mitolona. Ilaina ny fahafantaran'ny mpitarika ny hetahetan'ireo vondron'olona miara-dia ary ny fomba hitondrana ny tolona.

Raha misy mampiasa herisetra ny mpitolona, dia hanome rariny ny famaizan'ny andaniny sy ny fampiasany herisetra izany ka handrava ny tolona. Hitsoaka andaharana koa ireo tsy mahazaka herisetra na korontana ary dia hampitovy tena amin'ny olona toheriny koa ny mpitolona misafidy ny herisetra. Sarotra ny haka ny fon'ny miaramila raha hampiasàna herisetra izy. Ny tanjon'ny tolona entin'ny olontsotra dia ny hiaro ny tombontsoan'ny rehetra, na fahafahana io, na zo. Izay no antony mandrisika ny rehetra hanohana ny tolona, ka mila tandrovana fatratra amin'ny alalàn'ny tsy fampiasana herisetra.

## IREO KARAZANA HETSIKA TSY MAMPIASA HERISETRA

**Nangonin'I Dr Gene Sharp**

### Fanambarana ofisialy

1. Kabary ampahibemaso 2. Taratasy fanohanana na fanoherana 3. Fanambarana ataona fikambanana na andrim-panjakana 4. Fanambarana ampahibemaso voasonia 5.Fanambarana ampahibemaso ny hetsika tiana hatao sy ny fitakiana 6. Fanangonan-tsonia faobe na anaty vondrona manokana

### Fifandraisana amin'ny daholobe

7. Teny faneva, kisarisary, famantarana 8. Lamba misy soratra, afisy, sns. 9. Trakta, soratanana sy boky 10. Karazan-gazety sy gazety 11. Fandaharana mivantana (onjampeo, fahitalavitra, sns.) 12. Fanoratana hafatra eny andanitra, fanoratana ny fitakiana amin'ny tany 12a. Fikirakirana teknolojia – fandefasana mailaka na SMS faobe.

### Fisoloana tena vondrona iray

13. Filatsahana ho depiote 14. Fanomezana loka (sarintsariny) 15. Fandresendahatra vondrona iray 16. Fitokonana 17. Saritsarim-pifidianana

### Sehokanto ampahibemaso

18. Famelarana saina maroloko 19. Fiambozonana faneva 20. Fivavahana 21. Fanaterana zavatra mitondra hafatra (oh: fehezam-boninkazo) 22. Fanalana akanjo ampahibemaso 23. Fanimbana ny fananan'ny tena (fa tsy ny an'ny hafa) 24. Fandrehetana labozia faobe 25. Fampirantiana sarin'olona 26. Fandokoana mba ho fanehoan-kevitra 27. Fanovana anarana ho an'ny tolona 28. Famoronana hira na feo 29. Fitakiana faobe 30. Fanaovana fihetsika mavesadanja (fa tsy misy herisetra)

**Fanaovana tsindry**

31. “Fanangarana” ny manam-pahefana 32. Fananihaniana manam-pahefana 33. Fodiana minamana amin'ny manam-pahefana 34. Fodiana manao mpiambina ny manam-pahefana

**Mozika sy zavakanto**

35. Fihetsika mahatsikaiky 36. Fanaovana fampisehoana sy seho mozika 37. Fihirana

**Filaharana**

38. Diabe 39. Matso 40. Filaharana ara-pivavahana 41. Fivahinianana masina 42. Fanaovana valalamanjohy

**Fanomezam-boninahitra ireo namoy ny ainy**

43. Fisaonana ara-politika 44. Sarintsarim-pandevenana 45. Fihetsiketsehana mandritra ny fandevenana 46. Fanomezam-boninahitra eny am-pasana

**Fivoriana ankalamanjana**

47. Fitokonana ankalamanjana manohana na manohitra olona/zavatra iray 48. Fihetsiketsehana fanoherana 49. Fihetsiketsehana manafin-tarehy (toy ny sarinady, fa tsy misy herisetra) 50. Fampianarana ankalamanjana mikasika ny votoatin'ny tolona

**Fandavana sy fialana**

51. Fandaozan'ny mpiasa ny toeram-piasany 52. Fahanginana 53. Fandavana mari-boninahitra 54. Fanomezan-damosina manam-pahefana

**Fandavana ho an'ny fiovana**

55. Fandavana hetsika sosialy 56. Fandavana hetsika sosialy iray manokana 57. Fandavana tsy hanao firaisana ara-nofo (eo amin'ny mpivady) 58. Fandroahana amin'ny fiangonana 59. Fandroahana

**Tsy fanekena hiara-miasa amin'ny hetsika sosialy, fomban-drazana na hetsika ataon'ny fitondrana**

60. Fanajanonana lalao ara-panatanjahantena na lanonana hafa 61. Fandavana hetsika momba ny fandraharahana 62. Fitokonan'ny mpianatra 63. Tsy fankatoavana ara-tsosialy 64. Fialàna amin'ny andrim-panjakana miaro ara-tsosialy 65. Fijanonana any an-trano 66. Tsy fanekena ny toromarika 67. Fandehanan'ny mpiasa mody 68. Toeram-piasana na fianarana “maty” 69. Fanjavonana faobe 70. Fifindramonina faobe (hijrat)

**Hetsika ataon'ny mpanjifa**

71. Fandavana tsy hanjifa 72. Tsy fanjifana ireo vokatra “voarara” 73. Fepetran'ny fitsitsiana 74. Tsy fandoavana hofan-trano 75. Fandavana ny

hanofa trano 76. Fandavana tsy hanjifa eo amin'ny sehatra nasionaly 77. Fandavana tsy hanjifa eo amin'ny sehatra iraisampirenena

### Hetsika ataon'ny mpamokatra sy ny mpiasa

78. Fitokonan'ny mpiasa 79. Fitokonan'ny mpamokatra 80. Fitokonan'ny mpamatsy sy ny mpitatitra

### Hetsika ataon'ny tompony sy ny mpitantana

81. Fandavan'ny mpivarotra hivarotra 82. Fandavana ny hampanofa na hivarotra fananana 83. Fanidiana tsena 84. Fandavana ny fanampiana ara-indostrialy 85. Fitokonana faoben'ny mpivarotra

### Hetsika ataon'ireo mpitana na mpampindram-bola

86. Fisintomana ny petrabola any amin'ny banky 87. Fandavana ny handoa vola 88. Fandavana ny handoa trosa na zanabola 89. Tsy fisian'ny vola ho ampindramina 90. Fandavana ny handray vola 91. Fandavana ny vola avy any amin'ny fanjakana

### Hetsika ataon'ny fitondrana

92. Sazy (embargo) anatiny 93. Fanaovana ny mpivarotra sasany amin'ny lisitra mainty 94. Sazy (embargo) iraisampirenena amin'ny fivarotana entana iray 95. Sazy (embargo) iraisampirenena amin'ny fividianana entana iray 96. Sazy (embargo) iraisampirenena mihatra amin'ny varotra rehetra

### Saritsarim-pitokonana

97. Fitokonana fampitandremana 98. Fitokonana indray mipimaso (tsy maharitra)

### Fitokonan'ny mpamboly

99. Fitokonan'ny tantsaha 100. Fitokonan'ireo mpiasa ao amin'ny toeram-pambolena

### Fitokonana ataon'ny vondron'olona manokana

101. Fandavana ny asa anterivozona 102. Fitokonan'ny voafonja 103. Fitokonan'ny mpanao asa-tanana 104. Fitokonan'ny mpiasa

### Fitokonana eo anivon'ny indostria

105. Fitokonan'ny mpitantana ny indostria 106. Fitokonan'ny indostria 107. Fitokonana fanohanana ny hetsiky ny mpiasa

### Fitokonana voafetra

108. Fitokonana mitombo miandalana 109. Fitokonana miompana amin-javatra iray 110. Fitokonana amin'ny alalàn'ny fanaovana miadana ny asa 111. Fanaovan-javatra be loatra (fitokonana mivadika) 112. Filazana fa marary ny mpiasa ka tsy hiasa (kanefa tsy marina) 113. Fametraham-pialana 114.

Fitokonana voafetra ao anatin'ny fotoana 115. Fitokonana misafidy (mpandray anjara, lera, sns.)

## Fitokonana iombonana

116.Fanitarana ny fitokonana 117. Fitokonana faobe

## Fampitambarana ny fitokonana sy ny fanakatonana orinasa

118. Tanàna maty 119. Fanakatonana orinasa

## Fandavana fahefana

120. Fanalana ny fankatoavana 121. Fanoherana ny fanohanan'ny daholobe 122. Haisoratra sy kabary mivoy ny tolona

## Fandavan'ny olontsotra ny hiara-miasa amin'ny mpitondra

123. Fandavana ny andrim-panjakana mpanao lalàna 124. Fandavana ny fandraisan'anjara amin'ny fifidianana 125. Fandavana ny asa omen'ny fitondrana 126. Fandavana ny fifandraharahana amin'ny karazan'andrim-panjakana rehetra 127. Fialàna amin'ny toeram-pampianarana tantanin'ny fanjakana 128. Fandavana ireo vondrona vatsian'ny fanjakana vola 129. Tsy fanekena ny fiarovana an'ireo mpitandro ny filaminana 130. Fanalana ny marika hahafantarana ny tena 131. Fandavana ny fandraisana ny manampahefana voatondro 132. Fandavana handrava ny rafitra misy 133. Fanehoana tsy fazotoana 134. Tsy fanatanterahana baiko raha tsy misy manara-maso 135. Fikomiana faobe 136. Fikomiana miafina 137. Fandavana ny baiko fanaparitahana fihetsiketsehana 138. Fipetrahana 139. Fandavana famindran-toerana 140. Fiafenana, fitsoahana ary fanovana ny momba ny tena (anarana, karapanondro, sns.) 141. Tsy fankatoavana ny lalàna heverina fa tsy rariny

## Hetsika ataon'ny mpiasam-panjakana

142. Fandavana ny fanampiana atolotry ny fitondrana 143. Fampitsaharana ny fanomezam-baovao sy ny fanomezana baiko 144. Fahatarana sy fitsipahana ny fanatanterahana ny asa 145. Tsy fankatoavana ny andrim-panjakana 146. Tsy fifampiraharahana amin'ny fitsarana 147. Fikomian'ny miaramila na pôlisy (tsy fanekena baiko) 148. Fikomiana

## Hetsika ao anatin'ny fitondrana

149. Fitsaharana miasa ara-dalàna ary fampihantonana ny asa 150. Tsy faneken'ireo sampam-panjakana samihafa ny hiasa 151. Fanovana ireo masoivoho voatendry 152. Famindrana sy fanafoanana hetsika ara-diplomatika 153. Tsy fandraisana maisoivoho vaovao 154. Fanenjanana ny fifandraisana diplomatika 155. Fandehanan'ireo ONG vahiny 156. Tsy fanekena ny fidirana ao anaty vondrona iraisam-pirenena iray 157. Fandroahana avy amin'ny fikambanana iraisam-pirenena

### Fanindriana ara-tsaina

158. Fijoroana antsitrapo ambany orana, na anaty hatsiaka be, na anaty hafanam-be, mba ho fanehoan-kevitra 159. Fifadian-kanina 160. Fampiatoana na fanakorontanana raharaha-mpitsarana 161. Fanembatsembanana (harcèlement) tsy misy herisetra

### Fanindriana ara-batana na ara-pitaovana

162. Fipetrahana faobe 163. Fitsanganana faobe anaty toerana iray 164. Fitondrana fiara, soavaly, moto, sns., anaty toerana voarara 165. Fipetrahana anaty toerana voarara 166. Fiarahana mimonimonina faobe 167. Fivavahana fitokonana 168. Fidinana faobe (raid) tsy misy herisetra 169. Fisidinana fiaramanidina faobe tsy misy herisetra 170. Famenoana toerana amin'ny fomba tsy misy herisetra 171. Fanelanelanana tsy mampiasa herisetra 172. Fanakanana tsy hiasa amin'ny fomba tsy misy herisetra 173. Fibodoana toerana amin'ny fomba tsy misy herisetra

### Hetsika ara-tsosialy

174. Fametrahana modely ara-tsosialy vaovao 175. Atao tototry ny asa ny sampandraharaham-panjakana iray 176. Fiantsenana mihisatra 177. Fitenenana imasom-bahoaka 178. Fanaovana teatra an-dalambe 179. Famoronana andrim-pahefana sosialy vaovao 180. Fiseraserana amin'ny fomba tsy mahazatra

### Hetsika ara-toekarena

181. Fiasana be loatra (karazana fitokonana mivadika) 182. Fitokonana tampoka 183. Fangalana tany amin'ny fomba tsy misy herisetra 184. Fiantsiana fandrarana manankery (blocus) 185. Fanaovana hosoka vokatra iray noho ny anton'ny fitakiana ara-politika 186. Fividianana faobe vokatra iray mba tsy hiparitahany eo amin'ny tsena 187. Fandraofana toe-bola 188. Fivarotana faobe vokatra iray amin'ny vidiny faran'izay ambany 189. Fanohanana manokana vokatra na marika voatondro 190. Fananganana tsena hafa, tsy mahazatra 191. Fomba fitaterana hafa, tsy mahazatra 192. Fisian'ny andrim-pahefana ara-toekarena anankiroa, samy miasa

### Hetsika ara-politika

193. Fanomezana asa be loatra an'ireo biraom-panjakana 194. Fanambarana ampahibemaso ny anaran'ireo mpitsikilo 195. Fitiavana te-higadra 196. Tsy fankatoavana lalàna tsotra 197. Fandraisana anjara tsy misy fiaraha-miasa 198. Fisian'ny governemanta anankiroa, samy miasa.

# IREO MPIKATROKA MALAGASY ANKEHITRINY

## FELA RAZAFINJATO



Vehivavy manana fahasembanana izay azony teo amin'ny fahatelo taonany. Maro ny olana nosedrainy teo amin'ny fiainany, saingy tsy nahasakana azy hivoatra toy ny olon-drehetra izany. Nahavita fianarana ambony izy, miasa, ary manam-bady aman-janaka. I Fela dia mpitolona ho an'ny zon'ny olona manana fahasembanana eto Madagasikara. Filohan'ny Centre Sembana Mijoro ary filoha nasionalin'ny "Association des Femmes Handicapées de Madagascar" (AFHAM) ihany koa i Fela. Resy lahatra izy fa mendrika ny tsara kokoa ny olona manana fahasembanana eto amintsika ary maro ny tetikasa efa notarihiny mba hahatongavana amin'izany. Nahazo ny maripankasitrahana TOYP (Ten Outstanding Young Persons) izay atolotry ny JCI an'ireo tanora 10 mamiratra indrindra eran-tany i Fela ny taona 2012. Porofo velona izy fa natao ho an'ny rehetra, tsy ankanavaka, ny tolona ho an'ny fitovian-jo, ho an'ny tombontsoa iombonana.

## CLOVIS RAZAFIMALALA




Mpikatroka miaro ny tontolo iainana, miady amin'ny fivarotana tsy ara-dalàna ny harena voajanahary ao anatin'ny fikambanana Lampogno. Noho io tolona atao ny io dia efa imbetsaka izy no nahazo fandrahonana ho faty ary nisy nandoro mihitsy aza ny tranony tamin'ny taona 2009. Naiditra am-ponja vonjimaika indray izy tamin'ny volana septambra 2016 satria voaendrikendrika ho nandray anjara tamina hetsi-panoherana mahery setra tany Maroantsetra. Tohin'izany dia voampangan'ny fitsarana izy ary nahazo sazy miantona higadra 5 taona ny volana jolay 2017. Noho izay maha-mpitolona mafana fo azy izay dia nahazo fanohanana avy amin'ny Amnesty International, fikambanana iraisam-pirenena miaro ny zon'olombelona izy. Manambady ary manan-janaka roa izy.

## IREO MPIKATROKA MALAGASY ANKEHITRINY

### ARMAND MAROZAFY



Mpikatroka mpitolona ao amin'ny sehatry ny tontolo iainana avy any avaratra atsinanan'i Madagasikara, ary mpandrindra lefitra ao anatin'ny fikambanana Lampogno, izay manohitra ny fanondranana tsy ara-dalàna ny harena vo ajanahary. Mpitarika mpizahatany matihanina ny asa fivelomany ary voafidy ho filohan'ny Comité d'Orientation et de Soutien des Aires Protégées (COSAP) Masoala izy tamin'ny 2010. Tamin'izany no nanombohany nanaovana fanadihadiana an-tsary momba ny fitrandrahana sy fivarotana antsokosoko ny andramena tao amin'nyalabe Agnena Anandrivola, niarahany tamina teratany amerikanina. Sahy nanameloka mivantana ireo mpivarotra an-tsokosoko andramena izy ka nosamborina ny taona 2015 ary nomelohin'ny Fitsarana Voalohany tao Maroantsetra higadra enim-bolana an-tranomaizina ary handoa onitra 12 tapitrisa ariary. Na teo aza izany dia tsy nampihemotra azy fa mbola mafana fo ao anatin'ny ady amin'ny fanondranana tsy ara-dalàna ny harena voajanahary izy, ary iarahany miasa amina fikambanana miaro ny tontolo iainana sy ny zon'olombelona maro hafa izany.

### WAKE UP MADAGASCAR



Hetsika tsy mitampiadiana ary tsy misy rafitra, niforona ny taona 2013. Miantso ny olompirenena hilaza ny heviny sy handray anjara amin'ny fiainanmpirenena amin'ny alalan'ny fanehoankevitra ny Wake Up Madagascar ary manaparitaka ny fomba fanehoankevitra moderina. Ohatra amin'izany ny fampiasana fitaovana tsotra (vilany, kiririoka, elo, soratra sy sary, lovia, mozika etsetra) mba hazahoan'ny daholobe ohatra amin'ny fanaovana hetsika tsy mitarika fitaovampiadiana, fifandonana ara-batana, famotehana fitaovana, famonoana olona na koa fanonganampanjakana sy vahaolana tsy mifanaraka amin'ny Lalampanorenana Malagasy.

# IREO MPIKATROKA MALAGASY NIALOHA LALANA

## NY MENALAMBA

Niforona tamin'ny taona 1895. Tantsaha no maro an'isa, ary nanohitra ny herimpamoretan'ny mpanjanaka, nitaky ny fiverenena amin'ny kolontsaina amam-pinoana nentimpaharazana ary ny famerenana ny fiandrianan'ny fahefana eo am-pelatanan'ny mpanjaka. Nandritra ny fotoana nisian'ny fihokoana, dia nahitàna famonoana teratany vazaha sy fanenjehana ny fivavahana kristianina sy ny mpino kristianina. Rava ny hetsika, noho ny fampandriantany mahery vaika sy ny haza lambo.

## NY VY, VATO, SAKELIKA

Nanomboka tamin'ny 9 mars 1913 ny VVS, hetsika nasionalista ary miafina sy tsy mitampiadiana na mahery setra. Avara-pianarana mpianatra ho dokotera no nivondrona voalohany, niampy mpianatra sy mpampianatra, poeta sy mpanoratra, ny mpanao gazety, mpitondra fiangonana. Hiady amin'ny tsindry hazo lena ataon'ny mpanjanaka; hanamafy ny firaisankina Malagasy manoloana ny fanjanahantany ary itaky ny fiverenan'ny fahaleovantena. Manao izay hahatonga saina ny vahoaka amin'ny alalan'ny trakita, ny fanentanana samihafa sy ny gazety ny mpikatroka. Niafara tamin'ny fanenjehana olona maro ny fanenjehana ny VVS, toy ny mpitandrina Ravelojaona, ny mpanoratra Ny Avana Ramanantoanina, ny Dr Joseph Ravoahangy, ny mpanao gazety Rainizanabololona, ary nisy ny famazaina mafy toy ny asa anterivozona sy ny sesintany.

## NY ASA AN-GAZETY

Samihafa ireo mpikatroka tao anatin'ny fikomiana an-gazety : poeta, mpanoratra, mpitondra fiangonana, mpanao gazety, mpitsabo. Hetsika fanoherana ara-tsaina (intellectuel) io fikomiana io, tsy mitampiadiana saingy matanjaka raha hampitahaina amin'ny hamafin'ny sivana na ara-tekinika, na ara-bola, na arakevitra. Ny fanentanana sy ny fanazavàna ny sain'ny mpamaky mikasika ny tsindry hazo lena nataon'ny mpanjanaka no nimasoana, amin'ny alalan'ny fanadihadiana, fikarohana, lahateny, tononkalo, tantara mitohy na hatsikana sy sary.
Nifanesy ny fampitahorana, famonoana, famonjàna tsy ampiheverena izay sady mihatra amin'ny mpanao gazety, amin'ny mpanonta gazety, ny mpivarotra sy ny mpizara gazety ary ny mpamaky gazety sy ireo izay miresaka/manaparitaka ny hevitra momba izany. Miafara koa amin'ny fanakatonana ny gazety manditry ny fotoana voafetra na tanteraka izany matetika.

# IREO MPIKATROKA MALAGASY NIALOHA LALANA

## JEAN RALAIMONGO

Mampianatra Betsileo, niatrika ny ady lehibe voalohany, ary nitarika ny tolona ho amin'ny fitovianjo eo amin'ny Malagasy sy ny Frantsay teto Madagasikara sy ny ady amin'ny fanaovana ampihimamba ny tanin'ny Malagasy nataon'ireo mpanjanaka. Nitaky ny fanafoanana ny Code de l'indigénat sy ny Service de la Main-d'Œuvre des Travaux Publics d'Intérêt Général na ny SMOTIG izay endrika vaovao an'ny fanandevozana Ralaimongo ary nanampy ireo tantsaha very tany noho ny ampihimamba nataon'ny mpanjanaka. Ny hetsika nataon-dRalaimongo no nahafahana mpikamba maro tao anatin'ny VVS izay notanàna amponja. Nisy hetsika lehibe notarihiny ny 19 mai 1929 izay nanentana ny Malagasy hitaky ampahibemaso voalohany ny fahaleoanvantenany ary nanagadrana an-dRalaimongo sy ny mpanaradia azy.

## MOUVEMENT DÉMOCRATIQUE DE LA RÉNOVATION MALGACHE

Antoko politika izay niforona tao aorian'ny fampanantenana nataon'Ingahy De Gaulle nandritra ny conférence tao Brazzaville (Congo) ary nilazany fa hanome fahafanana ireo zanatany izay nanampy an'i Frantsa nazahoana fandresana tamin'ny ady lehibe faharoa. Ny mpikambana voalohany dia nahitana ireo depiote Ravoahangy, Raseta, Rabemananjara. Tao koa anefa ny fonksionera Ratsimamanga, Tata Max, Bezaha Alexis.
Tsy misy herisetra ny tolona nataony tany amboalohany ary laobary an-dasy, famelabelarankevitra sy lahatsoratra an-gazety no tena nampiasaina, ankoatran'ny kabary samihafa.

## MAY 1972

Hetsika nipoaka noho ny fitakiana nataon'ny mpianatra ho dokotera (janoary 1972) : nitaky fitaovampianarana ara-dalàna sy fanatsarana ny lentampianarana. Nihitatra hatramin'ny fitakiana mba hisian'ny fahaleovantena tena marina, indrindra teo amin'ny lafiny fampianarana
Rehefa nahita fa mafy loatra ny valinkitsaka nataon'ny fanjakana (fanamborana mpianatra, famonoana) dia niditra antsehatra koa ny ray amandreny sy ny mponina amin'ny ankampobeny. Fitifirana sy fandatsahandrà no setrin'izany izany ny 13 may 1972. Nahenika an'i Madagasikara manontolo ny fitakiana.


**Loharano :**

- "L'insurrection des Menalamba, une révolte à Madagascar (1895-1898)", Stephen Ellis Ed. ASC-Karthala-Ambozontany
- "Dictionnaire Historique de Madagascar", Dominique Ranaivoson, Ed. Tsipika
- "Les luttes sociales à Tananarive en 1972", Cahiers d'études africaines, Gérard Althabe



**"Hijoro Aho! Hitaky Ny Rariny!"**
**Boky novokarin'ny fikambanana Liberty 32**
**Fanontàna faharoa : aprily 2018**

IZAHO IRERY, TSY MISY DIKANY.
TSY MANANA NA INONA,
NA INONA.

# ISIKA MIARAKA
# NO MANANA FAHEFANA

TSY HO HITANTSIKA NY FIANTRAIKANY RAHA TSY MANAIKY ISIKA FA HIASA MIARAKA

